FAHITANA HITAN' NY VEHIVAVY WESLEYAN IRAY.

NANGONIN' I ROBERT YOUNG, MISIONERA.

Raha nonina tao amin' ny zanatany Anglisy iray aho, amin' ny maha- mpiasan' ny Fiangonana Wesleyan ahy (Fiangonan'i John Wesley), indray takariva dia nantsoina hamangy an-dRamatoakely D. izay voalaza fa teo am-bavahoana. Ramatoa YOUNG, izay mpihaona aminy isan- kerinandro mba hampianatra azy ara-pivavahana dia nahatsiaro fahalinana mafy ny amin' ny tombontsoany ara-panahy, ka dia niaraka tamiko ho any amin' ny fonenany.

Hitanay izy tao anaty efitra iray tao amin' ity trano kely madio sy milamina sady voakojakoja tsara, narary mafy dia mafy, nefa feno fahatokiana sy fahamendrehan' i Jesosy. Ary rehefa avy nandany fotoana niaraka taminy tamin' ny resaka sy ny vavaka izahay, dia nametraka azy tamin' Andriamanitra, ary lasa nanainga, tsy nanana fanantenana na dia kely indrindra aza ny mbola hahita azy velona. Tsy ela taorian' ny nialanay dia toy ny maty izy ; nefa nony tsy niseho ireo famantarana mahazatra ny fahafatesana, izay tena malady mitranga indrindra ao amin' io tany io, ireo sakaizany dia niara- nanaiky fa azon-tsindrimandry izy (Asa. 22 : 17 ; II Kor. 12 : 2-4), ary dia niandry tamim-pitaintainana mba hahitana izay ho farany.

Nijanona tamin' izany toetra izany nandritra ny andro maro izy, izay namangianay azy matetitetika ; ary ny hany famantarana izay nahatsapanay fa tsy maty ny aina, dia vorim-bava kely teo amin' ny vavany, ary hafanana kely nanodidina ny faritry ny fony. Narahi-maso andro aman' alina tamin' ny fahalinana fatratra izy, ary rehefa avy tao amin' izany toetra izany nila ho herinandro, dia nahirany ny masony ka hoy izy : "MATY INGAHY C." Ireo mpiandry azy nihevitra fa teo ambany fahefan' ny délira izy, ka dia namaly izy ireo fa diso izy, satria tsy vitan' ny hoe velona ilay rangahy, fa tena salama. 'Tsia kah ! hoy izy, maty izy, fa vao fotoana fohy lasa izao, raha nandalo ny vavahadin' ny helo aho, dia nahita azy nidina ho any an- davaka, ary ireo lelafo manga dia nandrakotra azy.

Andriamatoa B. koa dia maty, satria tonga tany an-danitra izy raha nandao izany toeran-tsambatra izany aho, ary hitako ireo vavahadiny tsara tarehy natosika hivoha hidanadana mba handraisana azy, ary reko ireo maroben' ny lanitra niantsoantso hoe : "Arahaba tonga soa, ry mpivahiny sasatra !" (Lio. 16 : 19-26).

Ingahy C. dia mpifanolobodirindrina, saingy olona tena ratsy fanahy, ary Andriamatoa B. kosa, izay nonina tsy. lavitra loatra, dia lahiantitra iray tsara fanahy, izay nandritra ny taona maro, dia mpino nifikitra tsara sady feno fanaovan-tsoa tao amin' ny Fiangonan' Andriamanitra. Ireo antokon' olona izay nandre izany fanambarana manaitra nefa feno tsy fîsalasalana nataon-dRamatoakely D. izany, dia naniraka faingana mba hamantatra ny amin' ireo olona roa voatonona, ka nahita, tamin' ny fahagagany tanteraka, fa ilay voalohany dia nikarapoka ka maty tokony ho antsasakadiny talohan'izany, raha teo am-pamatorana kiraro, ary tokony ho tamin' izany fotoana izany ihany koa, ilay farany dia tafafindra tampoka ho any amin' ny tontolo maharitra mandrakizay. Ny fahamarinan' ireo zava- nitranga ireo dia IANTOHAKO MARIMARINA.

Dia nitohy izy nanambara ny toerana nalehany sy IZAY ZAVATRA HITANY SY RENY Rehefa nahazo fahasitranana ampy tsara hahafahany mandao ny tranony izy, dia namangy anay ; ary Ramatoa Young sy ny tenako koa, dia nandre tamin' ny molotry ny tenany, izao fitantarana manaraka izao, ny amin' ny zavatra izay nolalovany. Nampahalalainy anay fa tamin' ny fotoana izay niheverana

azy ho am- bavahaona, dia nisy tenan' ny lanitra iray nitondra azy ho any amin' ny tontolo tsy hita maso, ary tamin' ny fomba saro-pantarina dia nanokatra taminy ireo voaly manarona ireo zava-misin' ny mandrakizay.

Nentiny tany an-danitra aloha izy, nefa nilazana izy fa satria mbola olon' izao fotoana izao, dia tsy mahazo miditra izany toeram-boninahitra izany, fa ny hitazana azy fotsiny, ka notantarainy fa ny hatsaran-tarehy sy ny fanjopiak' izany dia mihoatra tsy hita anavahana izay fiheverana ambony indrindra, azon' ny mety maty iheverana azy. Ary ireo voninahiny, dia tsy misy fiteny mahatanisa azy (I Kor. 2 : 9; Isa. 64:3;Sal. 31 :19).

Tazany ny Mpamonjy teo ambony Sezafiandrianan' ny famirapiratana sy voninahitra, hodidinin' ireo loholona efatra amby roa-polo sy olo- marobe tsy tambon' olona isaina, izay namantarany teo anivon' izany, ireo patriarka, mpaminany, apostoly, ary ireo misionera izay efa maty tao amin' ny zanatany, ankoatra ny maro hafa izay nolazainy ; ary na dia tsy notononin' ilay anjely izay nanompo azy aza ny anaran' ireo antokon' olona ireo, dia nambarany fa ny fahitana azy ireo dia ahafantarana azy.

Notanisainy fa ireo fanahin' ny lanitra ireo dia nampiasaina tamin' ny fomba maro samihafa, ary na dia nahatsiaro tena ho tsy afa- namosaka hevitra mazava tsara ny amin' ny toetran' izany fampiasana izany aza izy, dia nisongadina fa izany fampiasana azy ireo izany dia narindra tsara araka izay tsiro tian' ny sain' ny tsirairay sy takatry ny herim-panahiny. Nampahalalainy anay koa fa nandre feon-kira mamy sy maha- tafasandratra indrindra izy, izay tsy mbola fahenony na oviana na oviana tany aloha. Niezaka imbetsaka izy ny nanome anay faripari- kevitra momba ny filanton' ilay feon-kira, nefa hitany fa nirefarefa an-tany loatra ireo naotin-kirany ka tsy tratrany ny tanjony. RAHA NANKASITRAHANA TOY IZANY, IREO MISIONERA EFA VOALAZA TEO, ARY IREO FANAHY SAMBATRA HAFA, RAHA NIHEVAHEVA NANDALO AZY, DIA NITSIKY TSARA , ARY NILAZA FA FANTATR' IZY IREO NY FOTOANA HAHATONGAVANY, KA RAHA MAHATOKY AMIN' NY FITIAVAN' ANDRIAMANITRA, dia ho raisina ho ao amin' ny fiaraha-monina maha-te-ho-tian' izy ireo, rehefa afaka fotoana fohy. Ny lamina rehetra ao an-danitra dia ao anatin' ny firindràna tanteraka sy feno fitahiana, ary miseho ho toy ny voabaiko, amin' ny fihetsehany rehetra avy amin' ny herim-pitaomana miafina, miainga avy eo amin' ny Sezafiandrianan' Andriamanitra.

NAHAZO FAHITANA NY HELO IZY. Manaraka izany dia notarihina tamin' ny toerana iray, izay notanisainy tamin' ny fomba fiteny mahatahotra indrindra izy, ary nambarany fa ny fikiakiaka nampihoronkoditr' ireo fanahy very dia toy ny mbola naneno tao an-tsofiny. Raha nanakaiky ilay lavaka nirehitra afo izy, dia nampiasana ezaka goavana be ny fisarihana azy hiditra tao amin' izany, nefa tsapany ho tsy naninon-tsy naninona izy teo ambany fiarovan' ilay anjely mpiambina azy. Maro tamin' ireo olom-pantany tety an-tany no nofantariny tao anatin' ilay toeram-pijaliana, eny fa na dia ireo izay noheverina ho kristiana aza. Tany ny andriam-bavy sy ny mpiasa tany, ny manan- karena sy ny mahantra, ny nianatra sy ny tsy nianatra, niara-nijaly tao anaty AFO mahatahotra sy tsy azo vonoina, izay nifaràna n' ny mari-boninahitra sy ny fahambonian' ny tany rehetra mandrakizay.

Tao amin' ireo dia tazany ity Ramatoakely W., izay nitana toerana ambony teo amin' ny fiarahamonina, nefa maty nandritra ny fotoana naha-azon-tsindrimandry an' itsy tovovavy. Nolazainy fa raha nahita azy nanakaiky Ramatoakely W., ny fikiakiakany dia nahatahotra loatra ka tsy misy fomba fiteny mahalaza azy, ary nanao ezaka tamin' ny famoizam-po ny handositra izy, nefa tsy nahomby. Ny famaizana ny fanahy very dia nasehony fa taratry ny ota tsirairay avy, izay nahatonga ny fanamelohana azy ireo, (Gai. 6 : 7-8 ; Rom. 2 : 6). Ramatoakely W. ohatra, dia nohelohina noho ny

fitiavam- bolany (I Tim. 6 : 9-10 ; 1er. 17 : 10-11), izay ninoako tamin' ny fahamarinako rehetra, fa ny ota namely azy indrindra ; ary dia toa nisalobona fitafiana volamena izy, nefa nirehitra afo manontolo.

Andriamatoa O., izay hitany dia noverezina noho ny tsi-fahononana ; ary dia niseho toa nofaizina izy tamin' ny fampigohan' ny devoly azy ranon-javatra mangotrakotraka. Nolazainy fa tsy nisy fitserana teo amin' ireo fanahy mahantra, fa ny hany nanjaka isam-paritra teo amin' ireo faritany rehetra nirehitra afo, dia fankahalana tsy misy fangarony amin' ny endriny mahatahotra rehetra. Tazany tany, ray aman-dreny sy zanaka, mpivady, ary ireo izay mpiaraka tamin' ny OTA, nampiseho ny mariky ny FANKAHALANA lalina rehetra ny namany miara-monina aminy, ary reny izy ireo nifandatsalatsa sy nifanozonozona tamim-pangidiana indrindra amin' ny fomba fiteny feno haratsiam-panahy.

Tsy nahita na inona na inona tany amin' ny helo izy afa-tsy FIJALIANA SY FAMOIZAM-PO, ary tsy nandre na inona na inona tany amin' ny helo afa-tsy feo faran' izay mikorontana indrindra, miaraka amin' ny fitomaniana, fisentosentoana, ary fikitroha-nify (Mat 13 :41-42 ; Mar. 9 :43-48 ; Apo. 14 : 9-11 ; 20 : 10-15 ; 21 :8). Raha variana nitazana izany fisehoan-javatra maha-te-hitroatra izany izy, dia fanahin' olona maro no tonga avy teny ambonin' ny tany, ary dia nohodidinin' ireo devoly tsy tambo isaina sy feno firangorangoana, nanana endrika mahatahotra nitarehim-biby, teo anivon' ny horakora-pandresen' ny helo nampitsangam-bolo. Ary izy ireo dia AMPIJALIANA ARAKA NY OTANY. Izany fahitana feno tahotra momba ny toetr' ireo very izany dia mifanaraka amin' ny vavolombelona nataon' i S.T., voarakitra ao amin' ny Diarin’ Atoa Wesley ny momba izany (boky faharoa, pejy 22- 26). Lazainy anay fa raha mbola tao amin' ilay fahatoranany izy, ny toerana nisy ireo voaheloka dia tsy takona, ary nahita maro dia maro izy, izay nitsangana nanozona ary niteny ratsy an' Andriamanitra, dia nifandrorarora izy samy izy, ary maro no nanamboatra baolina tamin' ny afo, ka nifampitoraka tamin' izany**. Nahita maro hafa koa izy, izay nanana kaopy vita tamin' ny afo, ka nigohan' izy ireo lelafo ary hafa koa izay nitana karatra afo teny an-tànany, ka toa nilalao tamin' izany**. Manaporofo fa ny ota izay nifalian' izy ireo teo aloha no mampahory azy ankehitriny.

AVY TAMIN' NY VAVAHADIN' NY HELO. Dia nentina tamin' ny toeran-kafa Ramatoakely D., izay nahazoany nahita indray miaraka ny lanitra sy ny helo. Notanisainy ny tany ho niseho toa lampihazo be velarana iray rakotra zanak' olombelona maro, ary feno korontana sy nihosin-drà. Avy teo amin' izany lampihazo izany ny olona dia nandehandeha an-tongotra tsy an-kijanona nandao izany. Ary ny sasany dia nanakaiky faingana ny sisiny, ary vetivety dia nanjavona ; teo amin' ireo Ramatoa L., isan' ny namana akaiky anay, izay maty tapa-bolana taty afara. Ireo olona hafa koa izay notononiny anarana dia voaseho ho nanakaiky ny moron' ny lampihazo, ary na dia tena salama tsara aza izy ireo raha nanao izao fitantarana izao izy, fotoana fohy taorian' izany kosa dia nandao izany toe-pahasalamany voaporofo tsara izany ny tsirairay.

Ny iray tamin' ny andro izay nandrian-dRamatoakely D., tamin' ny naha-azon-tsindrimandry azy dia sabata masina (alahady) ; dia nolazainy anay fa fantany ny toerana izay nitorianay sy ny rahalahy mpiara-miasa amiko teny tamin' izany andro izany ; ary avy tamin' ny isam-piangonana dia nahatsinjo emboka masina niakatra izy, izay notantarainy fa nifanatona dia nitambatra ary niakatra nankeo anoloan' ny Sezafiandrianana, ary rehefa avy eo dia noraisin' ny Mpamonjy ka nateriny tamin' ny Ray, ny anjely sy ny mpiara-monina rehetran' ny lanitra tamin' izany dia feno firavoravoana. Nambarany koa fa nandritra ny iray tamin' ireo famangian-dRamatoa YOUNG ny trano izay nandriany azon-tsindrimandry, dia hitany izy nipetraka teo akaikin'ny sisim-pandriany, namaky ho an' ny fianakaviana toko iray avy tao amin' ny filazantsaran' i Jaona, rehefa avy eo dia hitany indray nandohalika, ary niara-nivavaka tamin' izy ireo. Nampahafantariny anay toy izany fa izay zava-

mitranga tsy iray tarika na mifanova amin' ilay fahitana, dia fampiatoana ilay fahitana na koa FIHETSEHAN' IREO ZAVA-BOAHARY ARA- PANAHY

Dia notarihina indray izy rehefa avy teo ho amin' ny toerana iray izay namelana azy hahita ny toe-panahin' izao tontolo izao. Ramatoa iray izay nitana toerana ambony tao am-piangonana, dia naseho ho nipetraka teo am-pototr' ity hazo faran' izay hafa kely sy nandravina tsara tarehy indrindra, ravehivavy dia nanana fantsona lava teo am-bavany, izay nitarihany vahoaka be ho eo aminy . Ary ilay anjely mpitarika dia nampahalala an-dRamatoakely D. fa ny fantsona dia naneho ny herim-pandresen-dahatry ny fomba fitenin' itsy vehivavy, ny ravin' ny hazo naneho ny fisehoan-tenany ara- pivavahana, ary ny foto-kazo, ny toetry ny fony. Raha nijery ilay foto-kazo izy dia nahatazana fa ny FON' IO dia lô ary feno zava-mandady sy poizina. Nambaran-dRamatoakely D. an' ilay Ramatoa voalaza izany taty aoriana, ka tamin' ny fisendoarany tsy ara-kristiana tamin' izany, sy ny fitondrantenany taorian' izany, dia noporofoiny marimarina ny fahamarinan' ilay fitantarana (Mat 23 :27).

Ramatoa iray hafa koa, mpampianatra ara-pivavahana, nohajaina ambony tokoa noho ny toe-panahy araka an' Andriamanitra nananany tety ivelany, dia naseho azy FA LAVO TAMIN' NY FAKAM-PANAHY, ary nampihemotra ny fony tamin' Andriamanitra ; ary rehefa nambara tany amin' ny tontolon' ny fanahy ny fiverenan-dàlany, Ramatoakely D. dia nanopy maso teny amin' ny Mpamonjy, ary toa nahatsinjo zavatra toy ny rà nitete avy tamin' ireo ratrany, toy ny "VOAHOMBO INDRAY MANDELA" (Heb. 6 : 6). Rehefa tao an-tranonay Ramatoakely D., dia nampanalainy io olona io, ary teo anatrehan-dRamatoa YOUNG ary ny tenako koa, dia nambarany azy ny efa voalaza, ary araka ny fiaiken-keloka nataony, sy tamin' ny fahagaganay tanteraka, dia fahitana marina ny toetrany izany NOHO NY AN-TSIRAMBINY NA NY FITAOMANA manimba fanahin' olona, fa toy ny azo heverina fa fantatr' izy ireo ny olona nosimbainy rehefa mihaona aminy any amin' ny tontolo ankoatry ny fasana. ***Fa izany koa dia fijery tsara rindra hanetsehana fihetseham-po mahafinaritra ao an-tratran' ireo izay "mamerina ny maro ho amin' ny fahamarinana", satria mampirisika ny fanantenana fa hahafantatra ny "zanany ara-panahy"***.

Toa marina ny fiheverana fa fantatr' ireo mponin' ny mandrakizay ny zava-miseho aty amin' izao tontolo izao. Ny fakampanahy entin' ireo fanahy ratsy (I Pet. 5 : 8), ny fiambenan' ireo anjely (Sal. 34 : 7 sy 91: 11), ny rahon' ny vavolombelona asehon' ireo apostoly izay mitazana avy eo amin' ny toeram-pitsaharan' izy ireo, ireo kristiana mihazakazaka amin' ilay fihazakazahana filokana napetraka eo anoloany (Heb. 12 : 1 ; Heb. 11 : 1-40), ary ny fifaliana tsapa eo anatrehan' ireo anjelin' Andriamanitra noho ny mpanota iray izay mibebaka (Lio. 15 : 10), dia azo antoka fa tena manamafy ny finoana ny fahamarinan' izany fiheverana izany. Izany koa dia mifanaraka amin' ny filàzan-dRamatoakely D., satria nambarany anay mazava tsara indrindra fa ny toetra sy ny toe-javatra eo amin' ny mponin' ny tany boriborintsika, dia tena fantatr' ireo mponin' ilay tontolo hafa. Tena manaitra tokoa izany fisainana izany ! Toy ny tsy misy fanakonana amin' ny mandrakizay ny tany !

Fahamalinana manao ahoana no tokony handehanantsika ! 'Tsy toy ny adala fa toy ny hendry, ka manararaotra ny fotoana, fa ratsy izao andro izao" (Efe. 5 : 15-16). Ny iray tamin' ireo olona hitan-dRamatoakely D. tao anatin' ny fanginfiriana, **dia zatra nanitsakitsaka ny Sabatan' ny Kristiana, noho ny raharahan' izao tonolo izao**. Mihoatra ny indray mandeha aho no nananatra azy mafy ny amin' izany, nampitandrina azy ny amin' ny loza hanjo azy, ary nampirisika azy handositra ny fahatezerana ho avy. Nekeny ny fahamarinan' ny fananarako, saingy toy ny maro, dia nohazavainy ireo zavatry ny tany izay nihazona azy, ary dia naneho fanantenana izy fa raha afaka fotoana tsy ho ela, dia ho afaka hisotro ronono izy, ka hikarakara ny fanahiny ! Indrisy, vehivavy mampalahelo ! Ny fangatahan' andro dia efa nanimba fanahy maro loatra ary nanimba ny azy koa ; satria raha teo akaiky ny hahatanteraka ny zavatra rehetra izay nirin' ny fisainan' ny taniny ela loatra sy fatratra loatra izy, ny

iraky ny fahafatesana kosa dia nanapaka tampoka sy tsy nampoizina ny fanantenany rehetra, ka namarana tampoka ny fiainany mety maty, ary hitan-dRamatoakely D. tany amin' ny helo izy nanan dratra ny masony tao anatin' ny fijaliana (Lio. 16 : 23). ENGA ANIE KA HO HENDRY NY METY MATY MBA HAHALALA IZANY, KA HAHAFANTATRA IZAY HIAFARAN' IZY IREO ! (Jereo Deo. 32 : 29).

Ramatoakely D. dia mbola niaina tokony ho telo taona taorian' ilay tsindrimandry, ary dia maty sambatra tao amin' ny Tompo rehefa izany. RY MPAMAKY, TOERANA MANAO AHOANA NO ITONDRAN' IZAO LALANA ALEHANAO ANKEHITRINY IZAO ANAO ? NY FAHATEZERANA HO AVY SY "NY ANDRO FAMALIAN' ANDRIAMANINTSIKA" Isa. 61 : 2. Tianay ho faranana ity boky ity amin'ny alàlan' izao teny izao: Olona maro no mino ny Baiboly ho ny Tenin' Andriamanitra... nefa vitsy, indrisy, no tena manam-pinoana izany mba hatahorana an' Andriamanitra sy hankatoavana izay lazain' Andriamanitra ao amin' ny Baiboly. Aoka tsy hisy ho voafitaka... na inona na inona NOLAZAIN' ANDRIAMANITRA AO ANATIN' NY TENINY dia tsy maintsy hitranga, ary ny fitsarana dia hiantomboka ao an-tranon' Andriamanitra ! Ary hoy Pétera : "Raha miantomboka amintsika izany... hanao ahoana kosa no HIAFARAN' izay TSY MANAIKY NY FlLAZANTSARA?" Ny miteny hoe "Mino an' Andriamanitra izahay" nefa tsy mankatô Azy dia faniratsirana sy lainga. Hoy Jesosy ao amin' i Jao. 2 : 4 Izay manao hoe : Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny dia mpandainga, ary NY MARINA TSY AO ANATINY !

Noho izany, ny hoe mino marina dia mankato marina izay lazain' Andriamanitra ao anatin' ny Teniny... ary izany dia mahazo hatramin' ny fanolorantsika ny FIAINANTSIKA ho Azy ary hanompo Azy amin' ny fontsika rehetra ao anatin' ny fiainam-pahamasinana sy fahadiovana eto amin' izao tontolo ankehitriny izao araka ny andidiany antsika ao amin' ny Baiboly mba hataontsika. Nataon' i Jesosy mazava tsara izany raha hoy Izy : "Ireo fahavaloko izay nandà tsy hanjakako ireo ento aty ka vonoy eto anatrehako" Lio. 19 : 27.

Hamarana izahay amin' ny alàlan' ny andininy vitsivitsy ao amin' ny Baiboly omena hovakianao ho an' ny tenanao ka HISAFIDIANANAO ny hankato an' Andriamanitra, ka handova ny fiainana mandrakizay any an- danitra. Isa. 13 : 9 : "Ny ANDRON' I JEHOVAH dia AVY miaraka amin' ny fahatezerana". Apo. 6 : 15-17 : "Ary ny mpanjakan' ny tany sy ny lehibe sy ny mpanankarena sy ny mpifehy arivo sy ny lehilahy mahery, mbamin' ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra» dia NIERY TAO AMIN' NY LAVAKA SY NY VATOLAMPY ENY AN-TENDROMBOHITRA ; ary hoy izy tamin' ny tendrombohitra sy ny vatolampy : "MIANJERA AMINAY, ka afeno izahay amin' ny tavan' ilay mipetraka eo ambonin' ny sezafiandrianana, sy amin' ny FAHATEZERAN' NY ZANAK' ONDRY : Fa tonga ny ANDRO LEHIBEN' NY FAHATEZERANY, ka IZA no mahajanona?" Tsy avelan' i Jesosy ho lasa fotsiny ny FAHAFATESANY ho antsika... na koa Andriamanitra Ray hamela fotsiny ny ZANANY hirahina mba hijaly ho antsika, mba hamonjy antsika... raha tsy MARINA fa tena misy ny HELO sy ny FITSARANA MANDRAKIZAY izay nolazain' Andriamanitra ny amin' ny tsi-fanekena REHETRA ataon' ny olona izay misakana ny fahamarinana amin' ny TSI-FAHAMARINANA.

Nambaran' Andriamanitra mazava tsara fa ny "TAMBIN' NY OTA dia F A H A F A T E S A N A" Rom. 6 : 23 Ny TAMBIN' NY OTA, na amin' ny mpino na amin' ny tsy mpino... dia FISARAHANA MANDRAKIZAY AMIN' ANDRIAMANITRA any amin' ny toerana iray izay nomanin' Andriamanitra ho an' ny devoly sy ny anjeliny ary ho an' ireo REHETRA izay manaraka ny devoly. Ary tsy misy fizahan- tavan' olona amin' Andriamanitra. Ny ota dia HOTSARAINA amin' ny alàlan' ny AFO maharitra mandrakizay sy ny fijaliana ary ny fangirifiriana. Tsy misy adi-heyitra ny amin' izany fahamarinana izany... Voaseho ao amin' ny Baiboly fa Andriamanitra dia tezitra amin' ny

ota ary mamaly ireo izay mahatonga fahatafintohinana. Ary ireo fahitana hitan' olona samy hafa dia manamafy fa na inona na inona toetra misy anao rehefa maty... dia ho amin' izany toetra izany mandrakizay ianao.

Hoy Jesosy : "Izay itoerako, dia ao koa no itoeran' ny mpanompoko". Hoy Paoly : "Isika dia mpanompon' izay ARAHINTSIKA"... raha nanaraka ny devoly ianao, dia hiaraka amin' ny devoly mandrakizay. Raha MANARAKA AN' ANDRIAMANITRA isika, dia hiaraka Aminy mandrakizay ! Mampianatra mazava tsara ny Baiboly fa ny helo sy ny FARIHY MIREHITRA AFO dia tena misy marina ary dia ho fonenana mandrakizain' ireo voaozona IZAY NANDA TSY HANKATÔ ny Filazantsara sy hiaina MASINA sy amim-pahamarinana amin' izao tontolo ankehitriny izao. Noho izany, ry mpamaky rnalala... **TSY AMPY MIHITSY ny hoe mino an' Andriamanitra, satria ireo devoly koa mba mino ary mangovitra... fa Andriamanitra dia mitady antsika HANKATO ary hiaina ny zavatra izay inoantsika fa MARINA...** izany no tena finoana marina izay miteraka famonjena. Matahotra an' Andriamanitra isika satria Izy irery no afaka mampiditra fanahy iray ho any amin' ny helo. Mety ho MPAMONJY sy Sakaizanao JESOSY izao. Nefa raha tsy miaina ho Azy ianao izao, dia hanatrika ny fahatezerany mandrakizay ianao. Jaona Mpanao Batisa dia niteny mafy ireo mpitondra fivavahana izay naniry hatao batisa nefa tsy nety niala tamin' ny fahotany rehetra... Mat. 3:7; Lio. 3 : 7. "Fa nony nahita ny Fariseo sy ny Sadoseo maro nanatona ny batisany izy, dia hoy izy taminy : Ry taranaky ny menarana, iza no nanoro hevitra anareo handositra ny fahatezerana ho avy ? Koa mamoaza voa mendrika ny fibebahana ianareo". Mat. 13 : 41-43. : "Ny Zanak' olona haniraka ny anjeliny ary ireo dia hanangona ka hamoaka avy amin' ny FANJAKANY (ny fiangonana) ny zavatra REHETRA izay mahatafintohina, mbamin' izay MANAO MELOKA ; ary hanipy azy any amin' ny fandoroana lehibe mirehitra afo : any no nisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify". Mat. 25 : 41-46. : "Ary dia hilaza indray amin' izay eo amin' ny ankaviany kosa Izy hoe : MIALA AMIKO ianareo izay voaozona, ho any amin' ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an' ny devoly sy ny anjeliny... ary ireo dia hiala ho any amin' ny fampijaliana mandrakizay : fa ny marina ho any amin' ny fiainana mandrakizay" Lio. 16 : 23-24. : "Ary raha nijaly tao amin' ny helo izy, ka niandrandra... fadiranovana aho eto anatin' ity lelafo ity". I Tes. 5 : 9. : "Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin' ny fahatezerana, fa MBA HAHAZO FAMONJENA amin'ny alàlan' i Jesosy Kristy TOMPONTSIKA". Mat. 13 : 43. : "Ary amin' izany, ny marina dia hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin' ny fanjakan' ny Rainy.

Izay manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino".

Amparitaho maromaro ity fijoroana vavolombelona ity ary ampio izahay hanely ny FAHAMARINANA fa tena misy marina ny HELO ary tena misy marina ny LANITRA...asaivo ho tonga saina ny olona fa ny mandrakizay dia eo anoloany...tokony hiomana ny hihaona amin' ANDRIAMANITRA izy ireo alohan' ny hahatara loatra izany